1 Ary tamin' ny taoño fahadimy ambin' ny fôlo nanjakan' i Tiberio Kaisara,
faha i Pôntio Pilato governera ti Jôdia, ary Herôda ampifehy tañy Galilia,
ary i Filipo ampirahalahy amin' azy ampifehy Itôria miharo ny
ankôbakôbak' i Trakonitisy, ary Lysania ampifehy tañy Abilena, 2 ary
Anasy miharo i Kaiafa ny ampijôrobe - ke tamin' izay homby tamin' i
Jaôna, zanak' i Zakaria, tañy añ-efitry ny fivolañaña nihin Jañahary. 3 Ary
homby tañy amin' ny tany ijiaby timôron' i Jordana izy kale nañanatra ny
batisan' ny fibabôhaña mbô ho famitsôraña ny heloko; 4 hôtry ny vasôratra
akao amin' ny boky nihin' ny fivôlañan' Isaia ampañazary mañano: "Injany!
ny tenda nihin' ny mañantso fôntry añy añ-efitry mañano: Ajariso ny làlaña
nihin' i Jehôva, Atôvo mahitsy ny lalankombôany.